Gazetiko 25 TAONA

## FIFANINANANA TONONKALO - HISY LOKA HOZARAINA

3

### IVOHIBE

4

# NAMOY NY AINY TAO ANATY FIARA NAVALAN' NY RANO NY LEHIBEN'NY DISTRIKA

Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7516 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 09 martsa 2023

### FILOHAN'NY HCDDED

7

# "DISO NY FILAZANA FA NANGATAKA NY FAMPIATOANA NY FILOHA AMIN'NY ASANY IZAHAY !"



### MARINA IZANY !

7

## MIFANIPAKA BE IHANY !

### ANDRON'NY 8 MARSA

7



## TSY NAVELA NIDITRA NY MAGRO BEHORIRIKA NY VEHIVAVY TIM

### BASKET-BALL

3




## NOROMBAHAN'NY KAOMININA ANTANANARIVO NY AMBOARA

### CCIFM

8

## 20 TAONA NANOHANANA NY TONTOLON'NY FANDRAHARAHANA






Palais des Sports Mahamasina

# Fampisehoana miavaka hatolotry ny " Young Star Unity"

Fotoan-dehibe ho an'ny mpankafy ny mozika mihetsika sy mafana ny etsy amin' ny Lapan'ny kolontsaina sy fanatanjhantena Mahamasina ny Alahady izao. Hanolotra fampisehoana miavaka ho an'ny rehetra ry zalahy Young Star Unity ka hahazo tombony manokana ny vehivavy amin'izao fankalazana ny andro maneran-tany natokana ho azy ireo izao. Ny Young Star Unity moa dia mpanakanto tanora anisan'ny malaza amin'izao fotoana izao ary saika ahenoana ny hiran' izy ireo avokoa izay toerana filanonana rehetra noho ny hiran'izy ireo mampihetsiketsika. Maro ireo mpanakanto tanora manana ny maha izy saingy miavaka amin'izy ireny ry Mr Sayda, Wada sy Yoongs, Mad Max ary Lion Hill. Samy manana ny mpankafy azy ry zalahy ary samy manana ny mampiavaka azy ihany koa saingy natambatry ny mpikarakara ao anatin'ny fampisehoana iray mba hahafantaran' ny olona sy ny mpankafy fa miara-dalana sy mifanohana anaty firahalahiana hatrany ny mpankanto. Ny fikambanana "Jour J" no mikarakara ny fampisehoana ary ny Ivenco no miandraikitra ny hazavana sy ny feo ary ny haingontsehatra.

**Tiaray R**

Faritra Itasy

# Mpitsoka mozika bampampa 169 ao Antoby-Est nahavita fiofanana

Telo andro no faharetan'ny fiofanana natrehin'ireo mpitsoka mozika bampampa avy any amin'ny kaominina Antoby-Est, distrikan'i Miarinarivo, faritra Itasy, nanomboka ny 2 ary nifarana ny 4 marsa teo. Tao amin'ny "Centre Alabri" tao Miarinarivo no nanaovana azy ka kaompania 6 no nandray anjara ary nahatratra 169 ny isan'ny mpiofana. Ny ANAC (Académie Nationale des Arts et de la Culture), sampana fianarana mozika tantanan'ny Minsiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina no tompon'antoka tamin'ny fampiofanana. Nentina nanaporofoana ity fiofanana ity fa manana teknisianina voaofana sy afaka mizara ny traikefany ny akademia ANAC. Tanjona amin'izany ny



**Notolorana mari-pankasitrahana sy mari-pahaizana ireo nahavita fiofanana.**

fampiakarana ny lentan'ireto mpitsoka mozika ireto. Ireo mpitsoka mozika bampampa mihitsy moa no nangataka izao fiofanana izao tany amin'ny minsitera, ka ho famaliana ny hetahetan'izy ireo no anton'ny fampiofanana. Vita soa aman-tsara ny fiofanana ankehitriny. Notolorana mari-pankasitrahana avokoa ireo 169 mirahalahy. Nisy kosa anefa ireo tarika 3 tena nisongadina, dia ny Kakazo zokiny sy ny Soanafindra ary ny Tanora Milay Faliarivo, ka notoloran' ny minisitera an'ilay antsoina hoe "Certificat V.A.E" na "Validation des Expériences et des Acquis" ireo 58 mirahalahy mandrafitra azy ireo. Ny tsirairay mandrafitra ny kaompania 6 sisa kosa dia samy nisitraka "Attestations" avokoa. Ezaka niombonan' ny taty ifotony nahitana ireo kaompania sy ny federasiona ary ny fitaleavam-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina sy ny solombavambahoaka izao novalian'ny ministera izao. Dingana manaraka indray ny hahafahana manangana federasion any amin'ireo distrika hafa, ka mba hisitraka fampiofanana koa izy ireo.

**Tiaray R**

Fankalazana ny andron'ny vehivavy

# Omena lanja manokana any Frantsa ny asa soratr'i Esther Nirina

Ho tanterahana any Frantsa amin'ny alahady ho avy izao indray ilay hetsika takarivan' ny diavolana izay efa fanaon' ireo mpikambana mpiantsa tononkalo Malagasy monina sy mipetraka any Frantsa. Mandritra izany no hanamarihan'izy ireo ihany koa ny andron'ny vehivavy sy ny iray volan'ny poezia izay mifanindry an-dalana. Anisany tena hampisongadina ity hetsika ity ny fanomezan-danja manokana ny asa soratr'i Esther Nirina, mpanoratra vehivavy malagasy mba ho fahatsiarovana azy. Tononkalo miavaka mandona ny ati-fanahy, izany no mampiavaka ny asa-sorany ka antenaina fa hitondra ny rehetra hitety ny vohitry ny kanto mihitsy ny fahenoina ireo tononkalony mandritra ity hetsika ity. Marihana moa fa mifangaro ny olona manatrika izany hesika izany, misy ny Malagasy dia misy ny vahiny. Eto anefa dia omena lanja manokana ny vehivavy Malagasy. Ao amin'ny Masoivohon'i Madagasikara any Parisy ihany koa no hanaovana ny hetsika mba hanomezana voninahitra ny Malagasy any an-toerana.
Teraka tamin'ny volana novambra 1932 i Esther Nirina. Niavaka tamin'ny mpanorata malagasy hafa i Esther Nirina noho izy nisafidy ny hanoratra amin'ny teny Frantsay. Ankoatra izay dia izy no nanorina ny trano famakiam-boky sy trano sekoly fianarana teny Ambohimifangitra. Efa mpikambana feno tao amin'ny Akademia Malagasy sy tao amin'ny SEROI (Société des Ecrivains de l'Ocean indien) ihany koa i Esther Nirina. Santionany amin'ny boky efa nosoratany ilay hoe « Silencieuse Respiration (1975) », « Simple Voyelle (1980) » ary « Mivolana (1980) ».

**Tanya.R**

HOTSAKOTSAKOINA

"Vaovao indray ny taona, tafahaona izaho sy ianao, Mbola samy velona aina, salama vatana sy saina.
Ny firariako ho anao dia taona vao sy tena miavaka, hanjakan'ny fiainam-bavaka, hitondra soa sy fanambinana, hanjakan'ny filaminana."
NyVetso (02. 01 14)

Artista gasy any ampita

# Manana ny asany i Mickael fa tsy mitsahatra mamoronkira



**Be mpanaraka ny pejin'i Mickael ao anaty fesiboky.**

« Avelao any ». Hira vaovao navoakan'i Mickael, mpanakanto malagasy monina sy mila ravinahitra any Frantsa amin'izao fotoana izao. Tamin'ny 6 febroary 2023 teo no nalatsany tao anatin'ny pejy fesibokiny sy tamin'ny alalan'ny youtube io vazo io. Hiram-pitiavana noforonin'olona matotra ara-pitiavana sy nahita fiainana ary manantalenta raha ny fahitana ity vokatra vaovaon'i Mickael ity. Izany hoe voaporofo anatin' io vazo vaovao io ny fananany talenta amin'ny famoronankira sy ny fahamatorany. Feno 23 taona amin'ity taona ity rahateo no nandehanany irery nivazo sy namoronany hira mitondra ny anarany hoe Mickael. Hoy izy ao amin'ny pejiny : « *Mickael Rand. Mpanakantotsika androany... 23 Taona ny mihira sy manao mozika moa izao ny tovolahy raha nanomboka niatrika ny sehatra izy ny taona 2000 iny... Maro ny Hira ahalalana azy raha tsy hiteny aho ohatra hoe : " Tonga ihany aho"..... Inona koa ny hirany hafa fantatrareo ohatra??* », hoy izy.

*Hiram-pitiavana no tena ahatsiarovan'ny mpankafy an'i Mickael azy : " Tonga ihany aho ". " Rehefa tia ". " Fitia langalanga ", Hisy hatsiarovanao ny anarako ",...*

**12 taona tsy nifankahita**

Ny fotoana nitondrany ny anarany hoe Mickael no 23 taona, fa mbola kely izy mirahalahy kambana dia efa nampihirain'i Black Jack (rainy). Rija sy Haja tamin'izany ny anarana nentiny ka ilay « Mpinamana isika » iny no nampahalaza azy ireo. Tamin'izany no efa voataiza tao anatin'ny blues sy ny rock izy mirahalahy, ka mifanakaiky amin'izay gadona izay hatrany ny vazony sy ny fomba fiakanjony. Araka ny fitantaran'i Mickael, dia efa 11 taona (2012) tsy nifankahita izy ireo. Efa samy manana ny fiainany satria i Mickael mipetraka ao Frantsa, manambady ary manan-janaka 2 vavy. Any Dubai kosa i Ryan rahalahiny no monina sy mila ravinahitra. Ity farany, variana tanteraka amin'ny asa hafa, fa i Mickael kosa tato ho ato dia tsy mitsahatra mifandray amin'ireo malagasy mpankafy sy mpanaradia azy amin'ny pejy fesibokiny. Andrasana ny fandalovany eto an-tanindrazana !

**Fy**


PETITES ANNONCES *Gazetiko*

MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, poketra, TV, debara. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 494/20-6)

* Lamba, poketra, kiraro, fanaka, bisikileta, machine, TV, vilany sns. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 499/10-1)

COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 495/5-4)

VIDANGE

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 492/10-8)

* Service vidange fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.47.024.33 / 034.16.145.06. (G-BA 476/20-18)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-17)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 034.86.213.53. (G-BA 485/15-13)

* Vidange fosse, wc 101, wc gasy Makiplast, puisard, débouchage. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 490/15-9)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 497/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 497/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 497/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 498/20-2)

MITADY ASA

* Maçon mpanangana sy mpanao finit°, matihanina. Mitady asa, eqp za-draharaha. Tél : 034.23.909.68. (G-BA 496/5-3)

Taekwondo WT - Lalao Olympika 2024 (fitsarana)

# Hiatrika fitsapana any Alzeria i Nicolas Randriamiandrisoa

*Omaly no nanainga tany Frantsa ny tenany, feno fahavononana sy fahavitrihana tanteraka.*



Mitrotro am-bavaka an'i Nicolas Randriamiandrisoa ny vahoaka Malagasy rehetra.

Hanomboka anio atsy Sidi M'Hamed, Alzeria ary hifarana amin'ny asabotsy 11 marsa, ilay « Camp d'entrainement », ho an'ny taranja Taekwondo WT. Ny Federasiona Iraisam-pirenena no mikarakara izany, izay lasy fifantenana sy fanofanana, natokana ho an'ireo mpitsara. Mandritra izany no hitiliana ireo mahafeno ny fepetra ka hahazo ny fanendrena hitsara amin'ny Lalao Olympika, tanterahana any Paris Frantsa amin'ny taona 2024. Nahazo fanasana hanatrika izany Randriamiandrisoa Nicolas, hany solontena Malagasy. Omaly no nanainga tany Frantsa ny tenany, feno fahavononana sy fahavitrihana tanteraka, satria dia zava-dehibe izany hoe hitsara Lalao Olympika izy. Reharehantsika tokoa ny fananana an-dRandriamiandrisoa Nicolas, ka rariny raha mitrotro am-bavaka azy ny mpiray tanindrazana rehetra, mba hahavita soa aman-tsara ary ho tafavoaka amin'ny dingana hatrehany any Alzeria. Maro ireo firenena nasain'ny federasiona iraisam-pirenena hanatrika ity lasim-panofanana ity, izay fomba fanaon'izy ireo isantaona mialoha ny hitrangan' ilay fifaninana. Fampianarana manokana an-tserasera ho an'i Paris 2024 no hiompanan'ny fampiofanana mandritra izany. Efa niomana amin'ny fiatrehana azy ity moa i Nicolas Randriamiandrisoa, anisan'izany ny nitsarany ilay « Open Poomsae » natao tany Torkia, ny 1 ka hatramin'ny 4 febroary lasa teo. Marihana, fa isan'ireo toby nahazo fankatoavana amin' ny fanavaozam-baovao iraisam-pirenena ity atsy Alzeria ity. Ho an'i Nicolas Randriamiandrisoa manokana, dia azo lazaina fa tena ampy traikefa ary vonona amin'ny fiatrehana izany ny tenany. Tsy zoviana amin'ny tontolon'ity taranja ity moa izy, izay efa nanandratra avo ny voninahi-pirenena, na izy nandray anjara nifaninana, na teo amin'ny lafiny fitsarana, izay hananany ny diplaoma sy mari-pahaizana avokoa izany. **Rabenaivo**

Basket - Fankalazana ny 8 martsa 2023

# Norombahan'ny Kaominina Antananarivo ny amboara

Nizotra tsy nisy tomika, tsy nisy sakantsakana, omaly, ny fankalazan'ny vehivavy ny Andron'ny 8 martsa 2023 tamin'ny fanaovana fifaninanana ara-panatanjahantena, teny amin'ny kianja filalaovana basket-ball-n'ny Cité Analamahitsy. Ekipa efatra no nandray anjara tamin'ny fifaninanana, izay nokarakarain'ny vondrona Axian, nahitana ny ekipan'ny Jovena sy ny Telma ary ny « Commune Urbaine d'Antananarivo (CUA) » sy ny « JOurnalistes BAsketteuses (JOBA) ». Noho ny fahateren'ny fotoana, dia lalao manasa-dàlana avy hatrany no notanterahina. Tafita tamin'ny lalao famaranana ny ekipan'ny Telma sy ny CUA, izay nibata ny amboara natolotry ny mpikarakara, niampy fanomezana natao ho fahatsiarovana . Teo amin'ny lalao manasa-dàlana, dia tany amin'ny fanatanterahana ny fanalavam-potoana (2x5 mn) vao nandavo ny JOBA, tamin'ny isa 17 no ho 15, ny Telma. Teo amin'ny fepotoana ara-dalàna, folo minitra indroa miditra tsy mihato, dia nisaraka 15 no ho 15 ny ekipa roa tonta. Vokatry ny fikoropahana sy fanariana baolina matetika dia raraka ry Kanto / Vola / Mamitiana / Cathia / Dina / Lova / Julie …, izay noheverin' ny mpijery baolina fa afaka nifampitana tsara tamin'ny C.U.A teo amin' ny famaranana. Nahitana an'ireo mpilalao sangany fahiny tao anatin'ny ekipampirenena ny C.U.A, toa an-dry Rabry sy ry Landy. Tsy ny fandresena na ny faharesena no zava-dehibe, tiana novoizina tamin'ity fifaninanana ity, fa ny fanehoan'ny vehivavy fa tsy mena-mitahy amin'ny lehilahy izy ireny amin'ny fanaovana fanatanjahantena. Ankoatra ny basketball dia nisy ihany koa ny fanaovana "Zumba", nandraisan'ny rehetra anjara, miampy ny fanentanana ny fampivelarana ny maha olombelona nataon-dRtoa Cynthia.

**aris rafaly**



Mampifankatia sy mampiray ny fanatanjahantena ! (Sary a.r)

## Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### FITSIPIKY NY FIFANINANANA

***Feno 25 taona katroka amin'ny 7 aprily 2023 ho avy izao ny GAZETIKO. Noho izany jobily volafotsy izany, dia misy ny "Fifaninanana tononkalo".***

Toy izao ny fitsipiky ny fifaninanana :

***And. 1 :*** Misokatra amin'ny mpamaky rehetra ny fifaninanana, tsy anavahana lahy na vavy, tsy anavahana taona. Tsy mahazo mandray anjara ny mpiasa sy ny vady amanjanany ato amin'ny Vondrona Midi Madagasikara izay misy ny Gazetiko.

***And.2 :*** Amin'ny teny Malagasy ny tononkalo izay hisy andininy roa, tsy hihoatra ny andalana valo. Lohahevitra : "Gazetiko 25 taona".

***And.3 :*** Hisy dingana roa ny fifaninanana. Ny voalohany hifantenana izay 10 (folo) tsara indrindra. Ny faharoa indray kosa, ianareo mpamaky no hifidy izay 5 (dimy) tena tsara indrindra amin'ireo.

***And.4 :*** Ny mpanoratra 5 (dimy) sy ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra samy hahazo loka. Toy izao ny fitsinjarana izany :

| Ho an'ny mpanoratra : | | Ho an'ny mpamaky: | |
|---|---|---|---|
| Voalohany: | 500.000 ariary | Voalohany : | 250 000 ariary |
| Faharoa : | 400.000 ariary | Faharoa : | 200 000 ariary |
| Fahatelo : | 300.000 ariary | Fahatelo : | 150.000 ariary |
| Fahefatra : | 200.000 ariary | Fahefatra : | 100.000 ariary |
| Fahadimy : | 100.000 ariary | Fahadimy : | 50.000 ariary |

***And. 5 :*** Ampiarahana amin'ny takelaka fandraisana anjara izay hetezana eto amin'ny GAZETIKO ny tononkalo hifaninanana. Tsy ekena sy tsy manan-kery ny dika mitovy (photocopie)

***And. 6 :*** Takelaka fandraisana anjara iray, tononkalo iray. Araka izany, afaka mandefa takelaka fandraisana anjara maromaro ny mpandray anjara amin'ny fifaninanana.

***And.7 :*** Aterina aty amin'ny GAZETIKO enceinte Midi Madagasikara Ankorondrano Antananarivo Renivohitra, fara fahatarany **ny sabotsy 25 martsa 2023 hatramin' ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara miaraka amin'ny tononkalo ary ny **zoma 7 aprily 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara amin'ny fifantenana ireo tononkalo 5 (dimy) tsara indrindra

***And. 8 :*** Ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana dia midika avy hatrany ho fanekena ity fitsipika ity.

## Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

Anarana : ..............................................

Fanampin'anarana : ..............................................

Adiresy : ..............................................

Laharana finday : ..............................................

*Aterina aty amin'ny* Gazetiko *enceinte* midimadagasikara *Ankorondrano Antananarivo Renivohitra farafahatarany ny SABOTSY 25 MARTSA 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro ity takelaka fandraisana anjara ity miaraka amin'ny tononkalo hifaninana.*

Ivohibe

# Namoy ny ainy tao anaty fiara navalan'ny rano ny lehiben'ny Distrika

Tra-doza lasan'ny rano, omaly andron'ny 8 Martsa tokony tamin'ny 2 ora tolakandro ny fiara nitondra ny Sefo Distrikan'Ivohibe. Teo amin'ny tetezana « Radier » iray amin'ny lalam-pirenena « RN27 » no niseho ny loza. Izany hoe 5 km miala ny kaomina Analavoka, teo amin'ny ranon' i Menarahaky. Namoy ny ainy vokatr'izany ramatoa lehiben'ny Distrika. Olona 9 izy ireo no tao anaty fiara fa izy no tsy azo ary olona iray no mbola karohina. Ankoatra izay dia avotra soa aman-tsara avokoa ny mpandeha ambiny tao amin'io fiara tsy matahodalana io. *« Mbola misy karohina ireo niray fiara taminy fa ny vata mangatsiakan'ny ramatoa lehiben'ny Distrika no efa hita. Nidina an-toerana nijery ny tranga ireo tomponandraikitra avy ao Ihosy nahitana ny Prefe, ny lehiben'ny zandary vondrotobim-paritra Ihorombe sy ny komandin'ny vondrotobim-pileovana »* : hoy ny loharanom-baovao avy amin' ny mponina any an-toerana.

**Nikasa hiampita**

Raha ny fantatra dia avy any Ihosy ho any Ivohibe Izy ireo no tra-doza, alohan'ny hiditra ny tanàna mihitsy. Nikasa hiampita teo amin'ny « radier » ihany izy ireo kanefa niakatra ny rano teo vokatry ny rivodoza « Freddy » izay nandalo tamin'iny tapany atsimo iny ary nisy orambe ihany koa. Mbola niampita ihany ireto farany kanjo zakan'ny rano trambo ilay fiara. Araka ny angom-baovao dia mety nanampikasana hanenjika ny andron'ny vehivavy any Ivohibe ireto farany izao tra-doza izao. Navalan'ny rano ilay fiara ary hatreto dia mbola mandeha ny fikarohana.

**Ariel D.**

Antsohihy

# Jiolahy mpanakan-dalana maty voatifitry ny zandary

Jiolahy iray voalaza anisan' ny ao anatin'ny tambajotra mpanakan-dalana amin'ny lalam-pirenena sy amin'ny resaka halatr'omby no maty voatifitry ny zandary tao an'Ala honko manamorona ny reniranon' Tsinjomorona any Antsohihy omaly tokony ho tamin'ny 2 ora maraina. Araka ny fanazavana dia jioahy efa nokarohina nandritra ny herintaona mahery izy. Nahazo fampandrenesana ny zandary fa mihaodihaody any amin'ny fokontany Antafiandakana, ao amin'ny kaominina Ankerika, ao anatin'ny distrikan' Antsohihy sy any Ambarijeby atsimo ao anatin'ny distrikan'Analalava ity jiolahy ity. Nandeha nidina ifotony izy ireo ka rehefa nifanehatra ny roa tonta dia nisy ny fifandonana ka izao lavon'ny bala izao ralehilahy.

**Telo migadra**

Araka ny fantatra dia any amin'ny lalam-pirenena fahaenina no toerana tena anaovan-dry zalahy ny asa ratsiny, any amin'ireo toerana misy lalan-dratsy ao anelanelan'Anahidrano sy Ambalafaminty ao anatin'ny distrikan'Antsohihy. Anisan' izay ny fiara sprinter taksiborosy mampitohy an'Antananarivo sy Sambava izay nataon' izy ireo lasibatra ny volana desambra 2021, miala ny pont Doroa tokony ho 5 kilometatra avy any Anahidrano mianatsimo. Potika ny fiara, naratra mafy ny mpamily ary vola manodidina ny iray tapitrisa ariary no voaroba. Telo tamin'ireo jiolahy no efa migadra hatramin'izao fa ireo ambiny mbola nokarohina tamin'izany ka anisany ity lehilahy voatifitra ity. Fa anisan' ny mampitaraina ny olona amin'ny resaka halatr'omby sy fandrobana olona mpiantsena ihany izy. Ka nandritra ny fidinana ifotony nataon'ny zandary mikasika izany no nisian'ny fifandonana teo amin'ny roa tonta ary izao nitarika ny fahafatesany izao. Ny namany iray hafa izay efa maty voatifitry ny zandary tany Antonibe, tany amin'ny distrikan'Analalva tamin'ny taon-dasa.

**T.H**

Mananjary

# Manao fizaham-pahasalamana maimaimpoana ny mpitsabo miaramila

Taorian'ny fandalovan'ny rivo-doza « freddy » izay nandripaka sy namotika tanàna maro tao amin'ny faritra Vatovavy dia lasa nanatanteraka iraka any Mananjary ny « Bataillon Médicale » avy etsy Ampahibe mba hanampy ny vahoaka any an-toerana. Manao fizahana ara-pahasalamana maimaim-poana izy ireo amin'ny alalan'ny fitaovana eo am-pelatanana sy ny tohana ara-teknika avy amin' ny « Direction Centrale du Service de Santé Militaire » (DCSSM). Mpitsabo, mpitsabo nify ary mpitsabo mpanampy miaramila avy amin'ny « Bataillon Médicale » no efa lasa any an-toerana amin'izao fotoana izao . Maro ireo marary efa nozahan'izy ireo fahasalamana ao amin'ny « EPP Masindrano » izay nametrahana tranolay hanatanterahana izany fizaham-pahasalamana izany. Nizara roa ny dingana nentina niatrika ny rivo-doza dia fametrahana mialoha na ny « prépositionement » ireo fitaovana, fanafody ary ny olombelona entina miatrika ny rivo-doza. Ankehitriny dia anatin'ny dingana faharoa, amin'ny fiatrehana ny aorian'ny fandalovan'ny rivo-doza ny fandefasana ireto andiana miaramila mpitsabo ireto. Anisany nandray anjara tamin'ny fanatontosana ity hetsika ity ny Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka sy ny « UNICEF ».



Fizahana ara-pahasalamana maimaim-poana.

**Ariel D.**

Tsiroanomandidy

# Mpivaro-mandeha voatifitra teny ambony môtô

Nisy nitifitra teny ambony moto raha niala tokony ho 1 km alohan'ny hidirana ao amin'ny tanàna antsoina hoe Sarotravoaka kaominina ambanivohitra Miandrarivo distrikan'i Tsiroanomandidy ireo mpivaro-mandeha vitsivitsy avy aty an-drenivohitra. Ny alahady teo no niharan'ity asa ratsy ireto farany. Roa no naratra vokatry ny tifitra ka ny anankiray voan'ny bala teo amin'ny feny havanana sy fototsofiny havia ary teo amin'ny feny havana sy ny vatany kosa ny an'ilay iray hafa. Efa misy ny fisamborana taorian'ny fitoriana napetraky ny lasibatra. Raha zohina dia mbola afaka nanohy ny diany ihany ireto mpivarotra ireto na dia teo aza ny tifitra nanjo azy ary tody soa aman-tsara tany amin'ny trano fonenany izy ireo. Taorian'izay dia niainga nanao ny fanarahana an'ireo jiolahy izy ireo.

**Famotorana**


*« Nony tonga tao an-tanany ny lasibatra dia naka vatandehilahy nijoko an'ireo olon-dratsy ireo teny an-dalana. Tratrany teo amin'ny lalana izay nisehoan'ny asa ratsy ihany ny anankiray tamin'ireo jiolahy. Mbola nahatrarana basy vita gasy io farany ary marihina fa mpiara-monina amin'ireo olona nisy nitifitra ireo ihany io voasambotra io. Mbola misy kosa ny iray hafa tafatsoaka. Nanonona olona iray hafa ilay jiolahy voasambotra ka efa mandeha ny fikarohana »* : hoy ny loharanom-baovao avy any antoerana. Tazomina atao famotorana ao amin'ny zandary ilay jiolahy ka nogiazana ihany koa ny basy vita gasy, voalaza fa tratra teny an-tanan'io olon-dratsy io. Ny Tobim-paritra Tsiroanomandidy no mandray an-tanana ny tohin'ny fanadihadiana ny raharaha.

**Ariel D.**

Faravohitra

# Mpianatra voaroban'ny mpanendaka

Lehilahy iray 40 taona no voasambotry ny polisy miasa ao amin'ny kaomisarian'ny boriborintany faharoa eny Ambohijatovo teny amin'ny faritra Faravohitra omaly tokony ho tamin'ny 1 ora tolakandro. Araka ny fantatra dia resaka sinto-mahery no antony nisamborana an'io lehilahy io. Mpianatra no lasibatry ny asa ratsin-dralehilahy. Iny nandeha teny andalana iny izy no narahin'ilay olon-dratsy moramora avy ao aoriana. Niantso antelefaonina ilay mpianatra tamin'io no sady mandeha ka rehefa teo amin'ny lalana tsy dia be olona mifamezimezy no nohararaotan'ilay lehilahy nisintonana an-keriny ny finday teny an-tanany. rehefa azony izay nilainy dia lasa nirifatra nandositra ilay olon-dratsy. Teo anatrehan'izay, niantso vonjy ilay mpianatra lasibatra. Nisy polisy nanao fisafoana nivoaka ny elakelantrano naheno ny zava-nitranga ka nifanehatra tamin'ilay lehilahy nitsoaka. Nandray ny andraikiny avy hatrany ireo mpitandro filaminana ka dia noraisim-potsiny izy. Nisy ny fisavana azy nandritra ny fisamborana ka mbola hita teny aminy ny finday roa avy norobainy teny amin'ilay mpianatra. Nentina tany amin'ny biraon'ny polisy ralehilahy taorian'ny fisamborana azy. Araka ny fantatra dia mipetraka eny amin'ny faritra Andravoahangy izy izao tonga manao asa ratsy eny Faravohitra izao. Mitohy ny famotorana.



Ilay lehilahy voasambotra.

**T.H**

## Manal azy de mimeme




## Sarisary zary tenany

*Mivonkina*




## Hatsikana an-tsary

*Ny atao ihany ...*




## Masoandro Miposaka

**Jaona 4 : 14**

Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Asa vadi-drano tsy vita tsy ifanakonana.**

Le travail des rizières ne peut se faire que si on s'y met plusieurs ensemble (d'habitude trois hommes).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2898

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 1 | | | 5 | | | | |
| | | 2 | | | | 4 | 9 | |
| 5 | | | | 2 | | | | |
| 8 | 3 | | 1 | 4 | | 9 | | |
| | | | 7 | | | | 3 | |
| | | 7 | 5 | | 9 | | 8 | |
| 1 | 7 | | | | 3 | 5 | 2 | |
| | | | | | | 8 | 7 | |
| | | | | | 1 | | | |

Valin'ny laharana 2897

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 1 | 9 | 6 | 5 | 7 | 4 | 8 | 3 |
| 5 | 7 | 6 | 8 | 4 | 3 | 1 | 9 | 2 |
| 4 | 8 | 3 | 1 | 9 | 2 | 6 | 7 | 5 |
| 6 | 3 | 2 | 9 | 8 | 5 | 7 | 4 | 1 |
| 9 | 5 | 7 | 3 | 1 | 4 | 8 | 2 | 6 |
| 8 | 4 | 1 | 2 | 7 | 6 | 3 | 5 | 9 |
| 3 | 6 | 4 | 7 | 2 | 9 | 5 | 1 | 8 |
| 7 | 2 | 8 | 5 | 6 | 1 | 9 | 3 | 4 |
| 1 | 9 | 5 | 4 | 3 | 8 | 2 | 6 | 7 |

HCDDED - Pierre Le Noble

# "Diso ny filazana fa nangataka ny fampiatoana ny Filoha amin'ny asany izahay"

Raha nanamarina ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena hoe nangataka ny fampiatoana ny Filohan'ny Repoblika amin'ny asany tany amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny Filankevitra Ambony momba ny fiarovana ny demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna dia nandiso izany Ing. Pierre Le Noble Navony, filohan'io rafitra io nandritra ny valandresaka ho an'ny mpanao gazety natao teny Soanierana, omaly. *«Tsy nisy afa-tsy fangatahana roa no nalefanay tany amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Voalohany, mifanaraka amin'ny lalàmpanorenana ve ny fampitsaharan'ny Birao Maharitry ny Anteni-mierampirenena ny raharaha fitsipiham-pitokisana ny governemanta tamin'ny fivoriana arapotoana farany teo. Faharoa, mifanaraka amin'ny lalàmpanorenan ve ny nataon'ny Filohan'ny Repoblika namory ny solombavambahoaka ivelan'ny lapa »*, hoy ny fanazavany. Nomarihan'ny Filohan'ny HCDDED fa tanjona nametrahana izany fangatahana izany ny mba hamoahan'ny HCC hoe manara-dalàna ve sa tsia ny olona tsirairay anatin'ny fitondrana.

**Fahefan'ny HCC**

*« Raha sanatria misy ny tsy fanarahan-dalàna dia misy fepetra raisina mifanaraka amin'izany ao amin'ny Lalampanorenana. Fahefan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ireny no miteny an'izany hoe mandika ve sa mifanaraka amin'ny lalàmpanorenana ireny raharaha ireny. Tsy misy milaza mihitsy izahay ao anatin'izany hoe mangataka fampiatoana ny filohan'ny Repoblika amin'ny asany sady tsy anjaranay izany ka disoanay marindrano»*, hoy hatrany Ing. Pierre Le Noble. Farany, nasiany resaka ihany koa ny mikasika ny fe-potoam-piasan'ny mpikambana mandrafitra ny HCDDED. *« Voafidy tamin' ny taona 2016 izahay fa tany amin'ny volana marsa 2018 vao nohamarinin'ny Filohampirenena tamin'izany fotoana izany fahalanianay izany saingy mbola tsy afaka niasa raha tsy ny volana septambra tamin'io taona io ihany vao nanomboka niasa. Midika izany fa ny volana septambra amin'ity taona ity vao ho tapitra ny fe-potoampiasana dimy taona omen'ny lalàna anay »*, hoy hatrany izy.

**Mamy R.**

Andron'ny 8 Marsa

# Tsy navela niditra ny Magro Behoririka ny Vehivavy TIM

*"Voahitsakitsaka ny zon'ny vehivavy eto amintsika ary mihemotra ny fampiharana ny demokrasia"*. Izany no nambaran'ny filohan'ny Vehivavy Tiako I Madagasikara, Arphine Helisoa, teny Behoririka manoloana ny sakana nataon'ny mpitandro filaminana ka tsy nahafahan'izy ireo niditra ny kianjan'ny Magro, omaly. Tsiahivina fa nanomana hetsika, hanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy ny mpikambana. Saingy raha ny zavanitranga teny an-toerana dia voahodidina mpitandro filaminana vao maraina ny Magro ka tsy tafiditra an-kianja ny vahoaka. Novitaina teny ivelan'ny kianja ny vavaka dia samy nody namonjy ny tokantranony ireo vehivavy TIM avy eo. Alahelo no hita teny amin'ny endrik'ireo mpanaradia ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana nandritra izany. Vaky vava mihitsy ireo sendra anay fa mahazo vahana eto amin'ny firenena ny fitanilanana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra satria dia nevela nanao izay tiany toy ny fanapahana lâlana sy fanaovana rodobe teny amin'ny arabe ny vehivavy sasany raha toa ka nosakanana ny vehivavy mpanohitra.

**Nitety tanàna**

Marihana fa samy nanana ny fomba sy ny toerana nanamarihany ny andron'ny 8 marsa ny vehivavy mpikamban'ireo antoko politika malaza hanana kandidà amin'ny fifidianana filohan' ny Repoblika. Ny tanjon'izy ireo, na dia tsy ambarany mivantana aza dia ny hahazoana vahoaka maro manaraka azy ireo. Miankina amin'izany mantsy no hahazoan'ny kandidà fandresena, raha toa ka tena fifidianana madio no hotanterahina eto. Ireny niarahantsika nahita ireny anefa ny zavatranga satria dia tsy nitovy ny fepetra noraisina tamin' ireo vehivavy mpomba ny fitondrana sy mpanohitra ny fitondrana. Raha navela nitety tanàna ny sasany dia norarana kosa ny hafa.

**Mamy R.**

Kandidà Filoham-pirenena vehivavy

# Nanamafy ny fahavononany ny depiote Masy Goulamaly

Mbola nanamafy ny fahavononany sy nanentana ireo vehivavy ho sahy hirotsaka ho kandidà filoham-pirenena ny solombavambahoaka voafidy tany Tsihombe, Rtoa Masy Goulamaly. Nantintranteriny nandritra ny fankalazana ny andron'ny vehivavy teny Mahamasina omaly, fa tokony mandray andraikitra eto amin'ny firenena ny vehivavy. *"Ny vehivavy no nipoiran'izao rehetra izao. Raha tsy misy vehivavy sahy mirotsaka eo dia hirotsaka ny tenako na dia hitondra ny tenin'ny vehivavy ihany aza. Ato ho ato no hanambarako ny fanapahan-kevitra farany amin'izany."*, hoy izy raha nitafa tamin'ny mpanao gazety teny Mahamasina omaly. Mbola tsy nisy hatreto ny vehivavy nahasahy nanambara ny firotsahany ho kandidà. Andrasana ato ho ato araka izany ny mety hanaovan'ny depiote Masy Goulamaly fanambarany ofisialy amin'izay mety ho firotsahany ho kandidà filoham-pirenena izay.

**Niry R.**



**Ny depiote Masy Goulamaly. (Sary :Niry R.)**

**PRIERE MIRACULEUSE**



Doux cœur de Jésus, auparavant, je t'ai toujours demandé plusieurs faveurs. Cette fois-ci, je t'en demande UNE très spéciale (...) Prends-la doux cœur de Jésus et place-la dans ton cœur transpercé où ton Père la voit.
Ainsi sous ses yeux miséricordieux, elle deviendra ta faveur et non la mienne. Amen ! Dites cette prière 3 fois/jour et pendant 3 jours et votre prière sera exaucée miraculeusement.
N'oubliez pas de remercier Jésus avec promesse de publication.

Remerciements au doux cœur de Jésus pour faveur obtenue.

G-CL 450/1-1 09/03/23 R. Clà

## Marina izany !

### Mifanipaka be ihany !

**Nibahana teo amin'ny tranga rehetra niseho omaly ny vehivavy. Atao tsy mahagaga izany fa andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy omaly. Tamin'ny hetsika rehetra natao nentina nanamarihana ny andro ho an'ny zon'ny vehivavy, nisongadina ny firaisankinan'ny vehivavy. Mahakasika izay zo izay, nisy ny vehivavy tsy afaka nisitraka ny zo hankalaza ny 8 mars raha tsy navela niditra tao amin'ny toerana noheveriny hanaovana izany. Endri-javatra mifanipaka tao anatin'ny fankalazana izany. Eo amin'ny toe-draharaha politika eto amin'ny firenena, mifanipaka be ihany ireo olona ambony eto amin'ny firenena. Hatramin'izao, mbola mifanipaka be ihany ireo mpisehatra mikasika ny fifidianana hatrehin'ny firenena any amin'ny faramparan'ny taona. Ny mpikarakara mifantoka amin'ny fifidianana filoham-pirenena, ny mpanao politika sasany mitaky fifidianana ben'ny tanana sy mpanolotsaina eny anivon'ny kaominina ary ny fanjakana mbola tsy namoaka ny didy manaika ny mpifidy na dia efa nivoaka aza ny tetiandrom-pifidianana. Manodidina izay fifidianana izay ihany, mifanipaka be ihany ny fanambarana etsy sy eroa momba ny fitarainana nataon'ny rafitra iray eto amin'ny firenena mikasika ny asan'ny filoham-pirenena. Voatery nanazava mihitsy ny fangatahana nataony tao anatin'ilay fitairanana ilay rafitra. Fotoanan'ny fampitoviana fijery sy famondronana ny hery tahaka ny nasehon'ny vehivavy nandritra ny fankalazana ny 8 marsa izao fa sanatria tsy hanao toy ny valala an-karona ka mifanipaka be ihany ! Indrindra eo anatrehan'ny zava-misy eto amin'ny firenena ankehitriny toy ny voina voajanahary sy ny izany ny fahasahiranana mahatonga fahantrana lalina !**

Herivonjy RAJAONAH

Fanamarihana ny andron'ny 8 marsa

# Natao fitaovana politika no betsaka !

Mitsingerina saika isan-taona ny fanamarihana ny andro maneran-tany ho an'ny zon'ny vehivavy. Raha ho antsika eto Madagasikara manokana dia hita fa fisehosehoana no mahazo vahana sy mandeha aloha isaky ny fanamarihana ny andron'ny 8 marsa. Eo matetika no miditra lalina ireo mpanao politika isan-tsokajiny eto amin'ny firenena manao fitaovana politika ireo vehivavy amin'ny alalan'ny hetsika izay karakarain'izy ireo. Manao tsy omby aloha ireo antoko politika manetsika ny vehivavy ao aminy mba hilahatra sy ho tazan'ny maro. Tanjona ao anatin'izany matetika ny fanindrahindrana olona iray sy ny antoko izay natsangany. Eo koa ny fitiliana toerana sy seza politika ka ampiasaina ny fotoam-pakalazana hisarihana ireo vehivavy hanohana an'izatsy na zaroa. Paikady ampiasain'izy ireo amin'izany ny fizarana zavatra kely ho fanambatambazana ny vehivavy. Taona hanatanterahana ny fifidianana Filoham-pirenena rahateo ny 2023 eto amitsika ka tsy mahagaga raha mihazakazaka maka ny fon'ny vahoaka ireo mpanao politika maminavina ny ho kandidà. Hatreto dia mbola vitsy no miady ny tena hoe zo fototry ny vehivavy sy ny tokony hisitrahany izany. Manaporofo an'io, tsy mety foana ary mbola betsaka ireo vehivavy mitaraina fa iharan'ny antsojay sy ny fanolanana ary ny herisetra maro samihafa. Raha ny tena izy, tokony hitohy fa tsy mandalo amin'ny fotoana iray tahaka izao fiarovana sy fanomezana lanja ny zon'ny vehivavy. Inoana fa hisy fivoarany ny fanamarihana ity andro maneran-tany ity amin'ny manaraka.

**JUDD**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

CCIFM

# 20 taona nanohanana ny tontolon'ny fandraharahana

*Amin'ny volana jona ny ivon'ny fankalazana.*



**Lanonana fanokafana ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny CCIFM.**

Mankalaza ny faha-20 taonany ny CCIFM (Chambre de Commerce et d'Industrie France Madagascar). Natsangan'ny mpandraharaha frantsay avy amin'ny fikambanana ACFAM (Association de la Communauté Française des Affaires de Madagascar) tamin'ny volana jona 2003 niaraka tamin'ny tanora mpandraharaha malagasy. Nivohy ny fampiroboroboana ny fifanakalozana eo amin'ny tontolon' ny fandraharahana teo amin'ny firenena roa tonta. Nanampy tamin'ny fanomezana tantsoroka sy tohana ho an'ireo orinasa mpikambana ny fisian'ny tetikasa CAP EXPORT na CAPDEV. Natomboka tao amin'ny Carlton Anosy tamin'ny 7 martsa lasa teo ny lanonampankalazana, izay natrehin' ny sekretera jeneralin'ny minisiteran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana, ny masoivoho frantsay miasa eto Madagasikara, ary ireo mpikambana ao amin'ny biraon'ny CCIFM sy ireo mpitantanana orinasa mpikambana. Maro ireo hetsika hotanterahina, ka anisan' izany ny volana natokana ho an'ny vehivavy amin'ny alalan' ny hetsika fampirantina SAFE (Salon des Femmes Entrepreneures de Madagascar), izay iarahana mikarakara amin'ny GFEM sy ny FEA hoentina manome lanja ireo vehivavy mpandraharaha. Hotanterahina amin'ny volana may ho avy izao eny Androhibe ny varavarana misokatra hoentina mampahafantatra ny asa aman-draharahan'ny CCIFM. Amin'ny volana jona no ivon'ny fankalazana ary hofaranana amin' ny volana novambra eny amin'ny « Résidence de France » eny Ivandry. Manana mpikambana 400 eto Madagasikara ny CCIFM ary nahavita nanofana mpiasa 1 250 avy amin'ny orinasa 150 nandritra ny taona 2022. Miara-miasa amin'ny « CCI France International » koa, izay ivondronana antenimieran'ny varotra 125 miparitaka amin' ny firenena 95.

**R. Muray**

Tetikasa Afafi-centre

# Tantsaha 72 000 nisitraka tohana tao anatin'ny 3 taona

Tao anatin'ny telo taona nisian'ny tetikasa Afafi centre izay vatsian'ny vondrona Eorôpeanina vola, nahatratra 72 000 ireo efa nisitraka tombontsoa taminy. Ireo mponina avy amin'ny Kaominina 140 avy amin'ny Faritra telo dia Analamanga, Itasy ary Alaotra Mangoro no nahazo tohana ara-piofanana, fanampiana amin'ny fanatsarana ny lalampihariana ary ara-bola. Voalaza fa mbola betsaka ny olana sedrain'ny vehivavy tantsaha ka anisan'izany ny vesatry ny asan'ny vehivavy tsantsaha eny ambanivohitra satria sady misahana ny fikarakarana tokantrano rehetra no mandray anjara lehibe amin'ny asa famokarana sy fampidirambolan'ny ankohonana. Ankoatra izay, mbola tsy afaka misitraka harin-karena na fototra enti-mihary toy ny tany ary ny herisetra mahazo ny vehivavy manambady sy ny ankizivavy eny ambanivohitra. Antony goavana mahatonga izany ny fahantrana, tsy fitovian-jon'ny lahy sy ny vavy, tsy fisian'ny tolotra ara-pahasalamana ary ny faharefoana. Nisy ny fivoriana narahina adihevitra nokarakarain'ny Afafi Centre tetsy amin'ny Carlton Anosy ka lohahevitra nentina tamin'izany ny hoe: *"vehivavy mivoatra, ny lasa atao fianatra ho an'ny anio, mba hanatsarana ny ho avy."* Tanjona tamin'izany hetsika izany ny hisian'ny ady hevitra manodidina ireo olana atrehan'ny vehivavy eny ambanivohitra mba hahafahana mijery miaraka vahaolana maharitra sy izay fomba hampiarana azy. Marihina fa misy dimy ny tetikasa ao anatin'ny Afafi-centre ka anisan'izany ny Ambioka, Ampiana 2, Diabe, Profilait ary Tafita.

**Nath**

Mialy Rajoelina

# "Mampiavaka ny vehivavy ny fahaizany mifehy andraikitra maro"

*"Raha vao vehivavy no resahana dia betsaka ny hamaritana azy, izany vehivavy izany be fitiavana, mihevitra izay mahasoa ny hafa hatrany ka manadino ny tenany matetika. Toetra mampiavaka ny vehivavy ny fahaizany mifehy andraikitra maro ary izay no mampifameno antsika amin'ny lehilahy. Manoloana ny tsindry ara-tsaina izay iainana matetika eo anivon'ny fiaraha-monina dia tsy maintsy miaritra mijoro, mitraka ny vehivavy. Mipaka ato am-poko ilay teny hoe: ny manabe zazavavy dia manabe firenena. Ny fanabeazana no lalana azo antoka indrindra fa hitondra fivoarana isam-batan'olona. Zava-dehibe loatra amin'ny fiainan'ny vehivavy ny fanabeazana. Manao antso aho amin'ny renim-pianakaviana: ampianaro ary toroy ny lalana tokony hizorany ny zanatsika"*, hoy Rtoa Mialy Rajoelina, vadin'ny Filohampirenena teny Mahamasina omaly. Nomarihany fa sy mbola nisy toy izao ny fahafahan'ny vehivavy hatramin'izay nankalaza ny 8 martsa. *"Tonga avy lavitra ianareo : tongasoa sy tratrasoa ianareo rehetra. Ampitiavana no iarahabako ny vehivavy rehetra manerana ny nosy tratrin'izao andro lehibe izao. Tsy hadinoko ihany koa anefa ary tsaroaka manokana ireo fianakaviana traboina, ireo izay namoy havana sy rava fananana noho ny rivodoza nandalo teto amintsika farany teo. Amin'ity andro ity dia mankahery sy mankasitraka ny vehivavy tsy akanavaka manerana ny nosy ny tenako amin'ny fikirizana sy risi-po ananananareo tsirairay avy satria amin'izao taonjato faha-21 izao dia tsy tokony ho fanaka malemy, na ravaka ny lalana, na haingon'ny tokantrano intsony ihany ny vehivavy fa manana andraikitra sy ny toerany"*, hoy hatrany Rtoa Mialy Rajoelina. Notsindriany fa *"rehefa manana fikirizana sy milofo ny vehivavy dia afaka miatrika ny ho aviny ary indrindra afaka manana ny fahaleovantena. Isika vehivavy no fototry ny fampandrosoana manomboka eny amin'ny fiarahamonina, hatramin'ny firenena. Isika no manefa ny taranaka ho olom-banona satria miainga avy eo amin'ny tokantrano ny fanabeazana"*. Manana ny fahaiza-manaony ny fikambanam-behivavy rehetra manerana ny nosy ahafahany mizaka tena, hoy Rtoa Mialy Rajoelina.

**Heriniaina A.**

Fikambanan'ny vehivavy mpanao gazety

# Nifamotoana tetsy amin' ny Kudeta Carlton Anosy indray

Toy ny fanaony isan-taona, nifanome fotoana tetsy amin'ny Kudeta Anosy indray ireo vehivavy mpanao gazety mivondrona ao amin'ny « femmes journalistes de Madagascar" omaly. Fiaraha-mikorana, fifankahitana indray teo amin'ny samy vehivavy mpanao gazety ary fizarana mofomamy. Fotoana izay nifankahafantaran'ny rehetra, indrindra ireo vehivavy mpanao gazety vaovao maniry hiditra ao anatin'ity fikambanana ity. Notanterahina tamin'io fotoana io ihany koa ny fizarana fanamiana mitovy ho an'ny vehivavy mpanao gazety rehetra mba ho mariky ny firaisankina. Anisan'ny asa mafy ny asan'ny mpanao gazety kanefa azo ambara fa mahafeno ny fepetra rehetra ny vehivavy malagasy ary tsy mena-mitahy amin'ny lehilahy ny asan'izy ireo. Mbola maromaro anefa ireo zo tokony hiadiana ka ny firaisankinan'ny rehetra ihany no hery. Amin'ity taona ity, hiaraka hiasa akaiky amin'ny vehivavy mpanao gazety ny Orange, Telma, i Siteny ary i Serge Imbeh. Mbola misokatra amin'ny fiaraha-miasa amin'ny rehetra ny fikambanana FJM izay misy mpikambana manodidina ny 700 eo ankehitriny.

**Nath**

Ankazomanga

# Vehivavy 100 nahazo fizaham-pahasalamana



**Tonga maro nanararaotra ny fisian'ny fitiliana maimaimpoana ireo vehivavy.**

Niavaka ny fankalazana ny andron'ny 8 martsa teny Ankazomanga. Vehivavy teo amin'ny 100 no nanaovana fitiliana homamiadan'ny nono sy ny vozon'ny tranonjaza. Niara-niasa tamin'ny fanatanterahana ity hetsika ity ny fCRA (Finanampiana Centre Rassoul Akram) sy ny "Fondation Akbaraly" ary ny radio RVS. *"Efa fanaonay isan-taona ny manao hetsika ara-pahasalamana miaraka amin'ny minisitera. Niitatra niaraka tamin'ny "Fondation Akbaraly" ny fiaraha-miasa tamin'ity taona ity. Faritra iva avokoa ny ankamaroan'ireo toerana manodidina ny fCRA ary sahirana avokoa ny ankamaroan'ireo mponina ao amin'ny fokontany. Izany indrindra no nahatonga anay nisafidy ny hanao ity fizaham-pahahasalamana ity mba hahafahana mampahafantatra amin'ireo vehivavy fa misy io homamiadana io ary azo tsaboina raha voatily mialoha. Mbola hotohizana any Manakara amin'ny volana jolay ny fiarahamiasa amin'ny "Fondation" Akbaraly, ka mety hiitatra amin'ny fitsaboana nify sy maso ny fizaham-pahasalamana atao."*, hoy i Nirinasoa Asma, tomponandraikitry ny fifandraisana ivelany ao amin'ny fCRA. Nisy koa ny hetsika fanomezan-drà nataon'ireo tanora mpikambana avy ao amin'ny fCRA.

**R. Muray**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i

MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola

Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana :

Lucien RAHARISON

034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :

Herivonjy RAJAONAH

034 34 697 10

Birao sy fandraharahana :

Lalana Ravoninahitriniarivo

B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 15 976 - 03 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Patsabe sy voasaribe

***Zavatra ilaina :*** patsabe voavotra 200g, voasaribe na pamplemousses mena 2, fromazy fotsy 150g, tamenak'atody 1, moutarde 1sotro, ranona voasary makirana 1sotro, voatabia amin'ny boaty 1sotro.

***Fikarakarana azy :*** Karakaraina mialoha ny saosy, afangaro ny ranona voasary makirana sy ny moutarde ary ny tamenak'atody. Haroharoina tsara dia arotsaka tsikelikely ny fromazy avy eo. Asiana voatabia iray sotro. Zaraina roa ny pamplemousse dia alaina ny ao anatiny. Esorina ny voany dia tetitetehana. Afangaro amin'ny saosy amin'izay ny patsabe efa nomasahana sy ny pamplemousse. Atao anaty vera (verrines). Azo aroso avy hatrany.